

# Personne ne devrait être assis seul

Par Gerrit W. Gong  
du Collège des douze apôtres

## Tsy misy olona mipetraka irery

Nataon'ny Loholona Gerrit W. Gong  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Conférence générale d'octobre 2025

*Vivre l'Évangile de Jésus-Christ, c'est aussi accueillir tout le monde dans son Église rétablie.*

*Ao anatin'ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fandraisana ny rehetra ao amin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny.*

I.

Depuis 50 ans, j'étudie la culture, y compris la culture de l'Évangile. J'ai commencé par les biscuits chinois (fortune cookies).

Dans le quartier chinois de San Francisco, les dîners de la famille Gong se terminaient par un biscuit chinois et une citation pleine de sagesse, comme, par exemple : « Un voyage de mille lieues commence toujours par un premier pas. »

Quand j'étais jeune adulte, je faisais des biscuits chinois. Muni de gants blancs en coton, je pliais et façonnais ces biscuits ronds tout juste sortis du four.

À ma grande surprise, j'ai appris qu'à l'origine, les biscuits chinois ne faisaient pas partie de la culture chinoise. Pour différencier les cultures chinoise, américaine et européenne en matière de biscuits chinois, j'ai recherché ces derniers sur plusieurs continents, comme on procéderait pour localiser un incendie de forêt. Les restaurants chinois de San Francisco, Los Angeles et New York servent des biscuits chinois, mais ce ne sont pas ceux que l'on trouve à Pékin, Londres ou Sydney. Seuls les Américains fêtent la journée nationale du biscuit chinois. Seules les publicités chinoises proposent des « biscuits chinois amér-

I.

Efa 50 taona izay no nandalinako kolontsaina, isan'izany ny kolontsain'ny filazantsara. Natomboko tamin'ny bisky an-tsinoa mirakitra hafatra izany.

Tao amin'ny Tanànan'ny Sinoa ao San Francisco, ireo fiaraha-misakafo harivan'ny fianakaviana Gong dia nofaranana tamin'ny bisky an-tsinoa mirakitra hafatra sy fehezan-teny feno fahendrena toa ity manaraka ity: “Ny dia arivo kilaometatra dia manomboka amina dingana tokana iray”.

Fony aho tanora vao herotreron'ny dia nanamboatra bisky an-tsinoa mirakitra hafatra. Nanao fonon-tanana fotsy vita tamin'ny landihazo aho, dia nakomboko sy naforitro araka ny tokony ho endriny ireo bisky boribory mafana avy ao anaty lafaoro.

Talanjona aho raha nianatra fa tany am-boalohany dia tsy tao anatin'ny kolontsaina sinoa ny bisky an-tsinoa mirakitra hafatra. Mba hanavahana ny kolontsaina momba ny bisky an-tsinoa mirakitra hafatra vita sinoa, sy vita Amerikana ary vita Eorôpeana, dia nitady bisky an-tsinoa mirakitra hafatra tany amin'ny kaontinanta maro aho—toà ny ho nataon'ny olona iray izay mampiasa toerana maro samihafa hanoritan'ny amin'ny telozoro ny fototry ny doro ala iray. Ny trano fisakafoanana sinoa any San Francisco sy Los Angeles ary New York dia mandroso bisky an-tsinoa mirakitra hafatra, fa ireo any

icains authentiques».

Les biscuits chinois sont un exemple simple et amusant. Mais le même principe de comparaison des pratiques dans différents contextes culturels nous permet de distinguer la culture de l'Évangile. Et maintenant, le Seigneur nous donne de nouvelles occasions d'apprendre la culture de l'Évangile à mesure que les prophéties liées aux allégories du Livre de Mormon et aux paraboles du Nouveau Testament s'accomplissent.

## II.

Partout, les gens se déplacent. Les Nations Unies recensent 281 millions de migrants internationaux. Ce nombre représente 128 millions de personnes de plus qu'en 1990 et trois fois plus que les estimations de 1970. Un nombre record de convertis rejoignent l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours partout dans le monde. Chaque jour de sabbat, des membres et des amis de l'Église originaires de 195 pays et territoires se réunissent dans 31 916 assemblées de l'Église, et parlent 125 langues différentes.

Récemment, en Albanie, en Macédoine du Nord, au Kosovo, en Suisse et en Allemagne, j'ai vu de nouveaux membres accomplir l'allégorie de l'olivier du Livre de Mormon. Dans Jacob 5, le Seigneur de la vigne et ses serviteurs fortifient les racines et les branches de l'olivier en rassemblant et en greffant ensemble celles provenant de divers endroits. Aujourd'hui, les enfants de Dieu se rassemblent en Jésus-Christ ; le Seigneur nous offre un moyen naturel remarquable d'étendre la plénitude de son Évangile rétabli.

Pour nous préparer au royaume des cieux, Jésus raconte les paraboles des conviés et du festin de noces. Dans ces paraboles, les invités présentent des excuses pour ne pas venir. Le maître demande alors à ses serviteurs d'aller « promptement dans les places et dans les rues de la ville » et d'amener « les pauvres, les estropiés,

Pékin, Londres, na Sydney dia tsy mandroso. Ny Amerikanina ihany no mankalaza ny andron'ny fetim-pirenena ho an'ny bisky an-tsinoa mirakitra hafatra. Ny dokam-barotra any Chine dia manolotra "Bisky an-tsinoa avy any Amerika mirakitra hafatra".

Ohatra iray mahafinaritra sy tsotra ny bisky an-tsinoa mirakitra hafatra. Kanefa ilay fitsipiky ny fampitahana ny fomba amam-panao any amin'ny sehatra ara-kolontsaina io ihany, dia afaka hanampy antsika hanavaka ny kolontsain'ny filazantsara. Ary ankehitriny ny Tompo dia manolotra fahafahana vaovao hianarana ny kolontsain'ny filazantsara noho ny fahatanterahan'ny fanoharana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna sy ireo faminiana momba ireo fanoharana ao amin'ny Testamenta Vaovao.

## II.

Na aiza na aiza dia ahitana olona mifindra toerana avokoa. Araka ny tatitra avy amin'ny Firenena Mikambana dia misy mpifindra monina iraisam-pirenena 281 tapitrisa. Olona 128 tapitrisa mahery noho ny tamin'ny 1990 izany, ary avo telo heny noho ny vinavina tamin'ny 1970. Na aiza na aiza dia mitombo hatrany ny isan'ireo olona niova fo nahita Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Mpikambana sy namana avy amin'ny firenena niaviana sy faritany 195 no miangona ao amin'ny vondron'ny Fiangonana miisa 31.916. Miteny fiteny 125 isika.

Vao tsy ela aho no tany Albanie, Macédoine du Nord, Kosovo, Alemaina, ary Soisa, nahita mpikambana vaovao nanatanteraka ilay fanoharana momba ny hazo oliva ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ao amin'ny Jakôba 5 ny Tompon'ny tanimboly sy ny mpanompony dia samy nanamafy ny fakan'ny hazo oliva sy ny rantsany amin'ny alalan'ny fanangonana sy fanaovana grefy an'ireo izay avy amin'ny toerana samihafa. Ankehitriny dia miangona ho iray ao amin'i Jesoa Kristy ireo zanak' Andriamanitra; ny Tompo dia manolotra fomba voajanahary miavaka mba hanitarana ny fiainantsika ny filazantsarany feno naverina tamin'ny laoniny.

Nanomana antsika ho amin'ny fanjakan'ny lanitra i Jesoa ka nilaza ny fanoharana momba ny fanasana lehibe sy ny fampakaram-bady. Ao amin'ireo fanoharana ireo, ny vahiny nasaina dia nanome fialan-tsiny ny amin'ny tsy hahatongavany. Ny tompo dia nanome toromarika ny mpanompony "[h]andeh[a] faingana ho eny

les aveugles et les boiteux». Spirituellement, cela nous représente tous.

Les Écritures déclarent :

« Toutes les nations sont invitées » à « un souper de la maison du Seigneur ».

« Préparez le chemin du Seigneur [...] pour que son royaume aille de l'avant sur la terre, pour que les habitants de la terre le reçoivent et soient préparés pour les jours à venir. »

De nos jours, les personnes invitées au souper du Seigneur viennent de tous les horizons et de toutes les cultures. Nous faisons en sorte que nos assemblées reflètent nos collectivités, qu'elles soient régionales ou internationales, jeunes ou âgées, riches ou pauvres.

En tant que chef des douze apôtres, Pierre a vu le ciel s'ouvrir et a eu la vision d'une « grande nappe, attachée par les quatre coins [...] où se trouvaient [toutes] les créatures de la terre ». Pierre a enseigné : « En vérité, je reconnais que Dieu ne fait point acception de personnes. [...] En toute nation celui qui craint [le Seigneur] et qui pratique la justice lui est agréable. »

À travers la parabole du bon Samaritain, Jésus nous invite à nous rapprocher les uns des autres et de lui dans son auberge, à savoir son Église. Il nous invite à être de bons voisins. Le bon Samaritain promet de revenir et de récompenser ceux qui prennent soin des personnes hébergées dans son auberge. Vivre l'Évangile de Jésus-Christ c'est aussi faire de la place pour tous dans son Église rétablie.

Faire « de la place dans l'hôtellerie » (ou l'auberge dans notre cas) signifie que « personne ne devrait être assis seul ». Lorsque vous venez à l'église et que vous voyez quelqu'un assis seul, je vous invite à le saluer et à vous asseoir à ses côtés. Il se peut que cela ne fasse pas partie de vos habitudes. Cette personne peut avoir une apparence ou une façon de parler différentes des vôtres. Mais, comme le dirait un biscuit chinois : « Un voyage d'amitié et d'amour au sein de l'Évangile commence par un premier 'bonjour' et par s'asseoir à côté de quelqu'un. »

« Personne ne devrait être assis seul » signifie également que personne ne doit être seul émo-

amin'ny lalambe sy ny sakeli-dala[n'ny] tanàna" ary "amin'ny lalambe sy ny sisim-boly" mba "hampiditra" ny mahantra sy ny kilemaina sy ny mandringa ary ny jamba. Raha amin'ny lafiny ara-panahy dia isika tsirairay avy izany.

Milaza ny soratra masina fa:

"[Asaina] ny firenen-drehetra" ho amin'ny "nahandro ao an-tranon'ny Tompo".

"Omaninareo ny lalan'ny Tompo ... mba handrosoan'ny fanjakany eto an-tany, mba hahazoan' ny mponina eo aminy mandray izany ary ho vonona ho amin'ny andro ho avy".

Ankehitriny ireo izay voasa ho amin'ny nahandro ao an-tranon'ny Tompo dia avy amin'ny toerana sy kolontsaina rehetra. Ny antitra sy ny tanora, ny manan-karena sy ny mahantra, ny eto an-toerana sy ny maneran-tany, isika no maha-tonga ireo vondrona ao amin'ny Fiangonantsika ho ilay fiarahamonina misy antsika.

Toa ny nahitan'i Petera izay lehiben'ny Apôstôly fahitana momba ny lanitra nisokatra ka nisy "lamba lehibe nampidinina tamin'ny zorony efatra, ... izay nisy ny ... biby rehetra". Nampianatra i Petera: "Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra. ... "Amin'ny firenena rehetra izay olona matahotra [ny Tompo], ka manao ny marina no ankasitrahany".

Ao amin'ilay fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy, dia manasa antsika i Jesoa hifanampy sy hanatona Azy ao amin'ny tranom-bahininy—dia ny Fiangonany izany. Manasa antsika Izy ho namana tsara. Mampanantena ny hiverina sy hamaly soa ny fiahiana an'ireo izay ao amin'ny tranom-bahininy ilay Samaritana tsara fanahy. Ao anatin'ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fandraisana ny rehetra ao amin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny.

Ny hevitra ambadik'ilay hoe "toerana ao an-tranom-bahiny" dia ahitana ny hoe "tsy misy olona mipetraka irery". Rehefa tonga any am-piangonana ianao ka mahita olona irery, mba azonao atao ve ny miarahaba sy miara-mipetraka aminy? Mety tsy fanaonao loatra izany. Mety tsy mitovy aminao na miteny mitovy aminao ilay olona. Ary mazava ho azy, araka ny mety holazain'ny bisky an-tsinoa mirakitra hafatra feno fahendrena iray hoe: "Ny dian'ny finamana sy ny fitiavana ao amin'ny filazantsara dia manomboka amin'ny fiarahabana voalohany sy ny tsy fipetrahana irery".

Ny hoe "tsy misy olona mipetraka irery" dia midika ihany koa hoe tsy misy olona mipe-

tionnellement ou spirituellement. Je suis allé avec un père au cœur brisé rendre visite à son fils. Des années plus tôt, le fils était ravi à l'idée de devenir diacre. À cette occasion, sa famille lui avait acheté sa première paire de chaussures neuves.

Mais à l'église, les diacres se sont moqués de lui. Ses chaussures étaient neuves, mais pas à la mode. Gêné et blessé, le jeune diacre a déclaré qu'il n'irait plus jamais à l'église. J'ai toujours le cœur brisé pour lui et sa famille.

Sur les routes poussiéreuses menant à Jéricho, chacun d'entre nous a été ridiculisé, humilié et blessé, peut-être méprisé ou maltraité. Et, à des degrés divers d'intention, chacun d'entre nous a également ignoré, n'a pas vu ou entendu, voire délibérément blessé quelqu'un d'autre. C'est justement parce que nous avons été blessés et que nous avons blessé autrui que Jésus-Christ nous amène tous à son auberge. Dans son Église, et grâce à ses ordonnances et ses alliances, nous nous rapprochons les uns des autres et de Jésus-Christ. Nous aimons et sommes aimés, nous servons et sommes servis, nous pardonnons et sommes pardonnés. Souvenez-vous que « si grands soient nos maux [Jésus] peut les guérir ». Les fardeaux terrestres s'allègent. La joie de notre Sauveur est réelle.

Dans<sup>1</sup> Néphi 19, nous lisons : « Oui, [ils] foulent aux pieds jusqu'au Dieu d'Israël lui-même [...], ils le méprisent. [...] C'est pourquoi ils le flagellent, et il le souffre ; et ils le frappent, et il le souffre. Oui, ils crachent sur lui, et il le souffre. »

Mon ami, le professeur Terry Warner, dit que le Christ n'a pas été jugé, flagellé, frappé et que l'on ne lui a pas craché dessus de manière occasionnelle, uniquement pendant sa vie dans la condition mortelle. La manière dont nous nous traitons les uns les autres, en particulier les personnes qui ont faim, qui ont soif ou qui sont exclus, correspond à la manière dont nous le traitons lui.

Dans son Église rétablie, nous sommes tous meilleurs lorsque personne n'est assis seul. Ne nous contentons pas de faire des concessions ou de tolérer. Au contraire, accueillons, reconnaissons, aidons et aimons sincèrement chacun. Que chaque ami, chaque sœur et chaque frère ne soit

traka irery ara-pihetseham-po na ara-panahy. Niaraka tamina raim-pianakaviana iray vaky fo aho mba hitsidika ny zanany lahy. Taona maro talohan'izay, dia nientanentana ery ny ho lasa diakona ilay zazalahy. Tamin'izay fotoana izay koa dia nividianan'ny fianakaviany ny kirarony vaovao voalohany izy.

Saingy nony tany am-piangonana izy dia nihomehezan'ireo diakona. Vaovao ny kirarony saingy tsy nanara-damaody. Menatra sy nalahelo ilay zazalahy diakona ka nilaza fa tsy handeha any am-piangonana intsony. Mbola vaky foana ny foko ho azy sy ny fianakaviany.

Eny amin'ireo lalana feno vovoka ho any Jeriko, isika tsirairay avy dia efa nihomehezana, nolatsaina sy noratraina, angamba nohesoina na nisedra herisetra mihitsy aza. Ary tamin'ny nahim-po amin'ny ambaratonga samihafa, isika tsirairay avy koa dia efa tsy niraharaha, tsy nijery na nihaino, ary angamba ninia nandratra olona iray mihitsy aza. Noho isika rehetra efa naratra sy efa nandratra ny hafa indrindra no itondran'i Jesoa Kristy antsika ho ao amin'ny tranom-bahininy. Ao amin'ny Fiangonany sy amin'ny alalan'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanany no ifanatonantsika sy anatonantsika an'i Jesoa Kristy. Mitia sy tiana isika, manompo sy anaovana asa fanompoana, mamela heloka ary voavela heloka. Mba tsarovy fa, “tsy misy fahoriana tsy ho si-tran'ilay Tsitoha” hihamaivana ny zioga ety an-tany—tena misy ny fifaliana ao amin'ny Mpamonjy.

Ao amin'ny<sup>1</sup> Nefia 19, dia mamaky isika hoe: “Eny, na dia ny tena Andriamanitry ny Isiraely aza dia itsahan[y] amin'ny tongony; ... ataony tsinontsinona. ... Koa karavasiny Izy ary miaritra izany; ary [kapohany] Izy, fa miaritra izany. Eny, rorany Izy ary miaritra izany”.

Nilaza ny Profesora Terry Warner namako fa ny fitsarana, ny fikaravasiana, ny fikapohana, ary ny fandrora dia tsy zava-nitranga tsindraindray izay niseho nandritra ny fiainan'i Kristy teto an-tany fotsiny ihany. Ny fomba fifampitondrantsika—indrindra ireo noana, ireo mangetaheta, ireo olona navela irery—no fomba itondrantsika Azy.

Ao amin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny dia tsara kokoa rehefa tsy misy olona mipetraka irery. Aoka isika tsy hoe hampiditra na hamela ny hafa ho eo anivontsika fotsiny. Aoka isika handray tsara sy hanaiky sy hanompo ary hitia amin-kitsimpo. Enga anie ny namana sy ny

pas un étranger ou une étrangère, mais de nouveau chez lui ou chez elle.

Aujourd'hui, beaucoup se sentent seuls et isolés. À cause des réseaux sociaux et de l'intelligence artificielle, nous sommes parfois en manque de proximité et de contact humain. Nous voulons entendre la voix de chacun. Nous voulons éprouver un sentiment d'appartenance authentique et ressentir de la gentillesse.

Il existe de nombreuses raisons pour lesquelles nous avons l'impression de ne pas être à notre place à l'église et, pour parler au sens figuré, d'être assis seuls. Nous nous préoccupons peut-être de notre accent, de nos vêtements ou de notre situation familiale. Il se peut que nous nous sentions inadéquats, que nous sentions la cigarette, que nous aspirions à la pureté morale, que nous ayons rompu avec quelqu'un et que nous nous sentions blessés et gênés, ou que nous soyons préoccupés par telle ou telle règle de l'Église. Nous sommes peut-être célibataires, divorcés ou veufs. Nos enfants sont bruyants ou nous n'avons pas d'enfants. Nous n'avons pas fait de mission ou nous sommes rentrés prématurément. La liste est longue.

Mosiah 18:21 nous invite à nous lier les uns aux autres dans l'amour. Je nous invite à moins nous inquiéter, à moins juger, à être moins exigeants envers autrui et, lorsque cela est nécessaire, à être moins durs envers nous-mêmes. Nous ne bâtissons pas Sion en un jour. Mais chaque « bonjour », chaque geste chaleureux, nous rapproche de Sion. Faisons davantage confiance au Seigneur et choisissons joyeusement d'obéir à tous ses commandements.

### III.

D'un point de vue doctrinal, dans le foyer de la foi et la communauté des saints, personne n'est assis seul grâce à l'alliance qui nous lie à Jésus-Christ.

Joseph Smith, le prophète, a enseigné : « C'est à nous qu'il appartient de voir la gloire des derniers jours, d'y participer et de la faire avancer. Cette gloire est 'la dispensation de la plénitude des temps', [...] où les saints de Dieu seront rassemblés de toutes les nations, familles et peuples. »

ranabavy sy ny rahalahy tsirairay avy mba tsy ho vahiny na mpivahiny fa zanaka ao an-trano.

Ankehitriny dia maro no mahatsiaro ho manirery sy mitoka-monina. Ny tamba-jotran-tserasera sy ny ilon-tsaina artifisialy dia mety hahatonga antsika hangetaheta fifandraisana sy fifampiraharohana amin'olombelona tena izy. Te handre ny feon'ny tsirairay isika. Maniry ny hisian'ny fiombonana sy hatsaram-panahy tena avy amin'ny fo isika.

Maro no antony mahatonga antsika hahatsapa fa tsy manana anjara toerana ao am-piangonana isika—izany hoe azo lazaina ihany koa fa mipetraka irery isika. Mety manahy momba ny fomba fitenintsika, ny fitafiantsika, ny toe-javatra misy ny fianakaviansika isika. Mety mahatsapa mihitsy isika hoe tsy mahay, misy fofon-tsigara, maniry mafy ny hanana fahadiovam-pitondrantena, nisaraka taman'olona ka mahatsapa ho maratra sy afa-baraka, sahiran-tsaina momba ny fenitry ny Fiangonana iray na maromaro. Mety ho tokantena isika na nisara-panambadiana na maty vady. Mety mitabataba be ny zanatsika; na koa tsy manan-janaka isika. Tsy nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana feno isika na nody talohan'ny fotoana. Etsetra etsetra.

Manasa antsika ny Môzià 18:21 mba hanana fo mifamihina ao amin'ny fifankatiavana. Manasa antsika aho hiala amin'ny fiahiahiana, ny fitsaratsarana, tsy hitaky be loatra amin'ny hafa—ary, rehefa ilaina, tsy ho sarotiny loatra amin'ny tenantsika. Tsy ao anatin'ny iray andro isika no hanangana an'i Ziona. Kanefa ny “manahoana” tsirairay avy, ny fihetsika feno hafanana tsirairay avy, dia mampanakaiky kokoa an'ilay Ziona. Ndeha isika hatoky kokoa ny Tompo ary hisafidy amim-pifaliana ny hankato ny didiny rehetra.

### III.

Araka ny fotopampianarana, ao amin'ny ankohonan'ny finoana sy ny fiombonan'ny Olomasina dia tsy misy olona mipetraka irery noho ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana ao amin'i Jesoa Kristy.

Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Avela amintsika ny hahita sy handray anjara ary hanampy amin'ny fampanandrosoana ny voninahitry ny andro farany”, -ny fotoampitantanan'ny fahafenoan'ny fotoana: ... , rehefa hangonina ho iray avy amin'ny firenena sy ny taranaka ary ny mponina rehetra ny Olomasin' Andriamanitra”.



« [Dieu] ne fait rien qui ne soit pour le profit du monde [...] afin d'attirer tous les hommes [et femmes] à lui. [...]

« Il les invite tous à venir à lui et à prendre part à sa bonté [...] et tous sont pareils pour Dieu. »

La conversion à Jésus-Christ exige que nous nous dépouillions de l'homme naturel et de la culture du monde. Comme l'a enseigné Dallin H. Oaks, nous devons renoncer à toute tradition et pratique culturelle contraire aux commandements de Dieu et devenir des saints des derniers jours. Il a dit : « Tous les membres de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours partagent une culture unique de l'Évangile, des valeurs, des espérances et des pratiques communes. » La culture de l'Évangile comprend la chasteté, l'assistance hebdomadaire à l'église et le fait de ne pas consommer d'alcool, de tabac, de thé, ni de café. Elle comprend l'honnêteté et l'intégrité. Elle comprend la notion que nous progressons dans l'Église, sans monter ni descendre dans la hiérarchie.

J'apprends énormément des membres fidèles et de nos amis de tous les pays et de toutes les cultures. L'étude des Écritures dans plusieurs langues et du point de vue de différentes cultures approfondit ma compréhension de l'Évangile. Les différentes manifestations des vertus chrétiennes approfondissent mon amour et ma compréhension de mon Sauveur. Nous sommes tous bénis lorsque nous établissons notre identité culturelle, comme l'a enseigné le président Nelson, comme étant celle d'un enfant de Dieu, d'un enfant de l'alliance et d'un disciple de Jésus-Christ.

La paix de Jésus-Christ nous est destinée personnellement. Récemment, un jeune homme m'a demandé avec sincérité : « Frère Gong, puis-je encore aller aux cieux ? » Il se demandait s'il pourrait un jour être pardonné. Je lui ai demandé son nom, je l'ai écouté attentivement, je l'ai invité à parler à son évêque et je l'ai serré dans mes bras. Il est reparti avec de l'espoir en Jésus-Christ.

Andriamanitra dia “tsy manao na inona na inona afa-tsy ho tombontsoan'izao tontolo izao; ... mba hisarihany ny olonarehetrahanatona Azy. ...

“... Ary manainga nyrehetra izy hanatona Azy sy hanana anjara amin'ny hatsaram-pony; ... ary ho an' Andriamanitra dia mitovy nyrehetra”.

Ny fiovam-po amin'i Jesoa Kristy dia mitaky antsika hanaisotra ny maha olona araka ny nofo sy ny kolontsain'izao tontolo izao. Araka ny nampianarin'ny Filoha Dallin H. Oaks, dia tokony hialantsika izay fomba amam-panao sy kolontsaina rehetra mifanohitra amin'ny didin' Andriamanitra mba ho tonga Olomasin'ny Andro Farany. Nanazava izy fa, “Misy kolontsaina miavaka ao amin'ny filazantsara, andiana soatoavina sy zavatra andrasana ary fomba fanao iraisan'ny mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany”. Tafiditra ao anatin'ny kolontsain'ny filazantsara ny fahadiovam-pitondrantena, ny fandehanana any am-piangonana isan-kerinandro, ny fifadiana zava-pisotro misy alikaola, sigara sy paraky, dite miteraka fiankinan-doha sy kafe. Tafiditra ao anatin'izany ny fahamarinan-toetra sy ny fahitsian-toetra, ny fahatakarana fa raha ny momba ireo anjara toerana ato amin'ny Fiangonana dia tsy misy izany hoe antso ambony na ambany izany fa mivoatra hatrany kosa isika.

Mianatra avy amin'ny mpikambana sy nama-na mahatoky any amin'ny firenena sy kolontsaina rehetra aho. Ny fandalinana ny soratra masina amin'ny fiteny sy fomba fijery ara-kolontsaina maro dia mampitombo ny fahatakarana ny filazantsara. Ireo fanehoana samihafa ny toetra tahaka ny an'i Kristy dia mampitombo ny fitiavako sy ny fahatakarako ilay Mpamonjy ahy. Voatahy ny rehetra rehefa ny maha-zanak' Andriamanitra antsika, ny maha-zanaky ny fanekehampihavanana antsika, ny maha mpianatr'i Jesoa Kristy antsika, araka ny nampianarin'ny Filoha Russell M. Nelson, no hoentintsika hamaritana ny kolontsaintsika.

Ny fiadanana atolotr'i Jesoa Kristy dia natao ho antsika manokana. Vao haingana no nanontany ahy tamin-kitsimpo ny zatovolahy iray hoe: “Ry Loholona Gong a, mbola afaka ny handova ny fanjakan'ny lanitra ve aho?” Nanontany tena izy raha toa ka ho voavela heloka ihany indray andro any. Nanontaniako ny anarany, nohenoiko tsara izy, ary nanasa azy hiresaka amin'ny eveka-ny aho, dia nofihinoko mafy izy avy eo. Nony

J'ai mentionné ce jeune homme dans un autre contexte. Plus tard, j'ai reçu une lettre anonyme qui commençait ainsi : « Frère Gong, ma femme et moi avons élevé neuf enfants [...] et avons fait deux missions. » Mais « j'ai toujours pensé que je n'irais pas au royaume céleste [...] parce que les péchés que j'ai commis dans ma jeunesse étaient très graves ! »

La lettre se poursuivait ainsi : « Frère Gong, lorsque vous avez raconté comment ce jeune homme avait retrouvé l'espoir d'être pardonné, j'ai été rempli de joie et j'ai compris que moi aussi je pouvais être pardonné. » La lettre se terminait ainsi : « Maintenant, je commence même à m'apprécier ! »

Notre sentiment d'appartenance grâce aux alliances s'approfondit à mesure que nous nous approchons les uns des autres et du Seigneur dans son auberge. Le Seigneur nous bénit tous lorsque personne n'est assis seul. Et qui sait ? La personne assise à côté de nous deviendra peut-être notre meilleur ami, comme le dirait un biscuit chinois. Je prie humblement que nous trouvions et fassions de la place pour le Seigneur, et les uns pour les autres, au souper de l'Agneau. Au nom sacré de Jésus-Christ. Amen.

nandeha izy dia nanana fanantenana ao amin'i Jesoa Kristy.

Niresaka momba ilay tovolahy aho tamin'ny toe-javatra hafa. Taty aoriana dia naharay taratasy tsy nosoniavina aho izay nanomboka tamin'ny hoe: “Loholona Gong, izaho sy ny vadiko dia manan-janaka sivy ... ary indroa izahay no nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana feno”. Saingy “nanana fahatsapana foana aho fa tsy havela hidi-tra ao amin'ny fanjakana selestialy ... satria tena ratsy loatra ny fahotana vitako fony aho mbola tanora!”

Nitohy ilay taratasy nanao hoe: “Loholona Gong, rehefa niresaka momba ilay zatovolahy nahazo fanantenana ny famelan-keloka ianao dia heniky ny fifaliana aho, nanomboka nahatsapa fa angamba [afaka ny ho voavela ihany] aho”. Nifarana ilay taratasy hoe: “Ary lasa tiako mihitsy aza ny tenako izao!”

Miorim-paka ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana rehefa mifanatona isika sy manatona ny Tompo ao amin'ny tranom-bahiny. Mitahy antsika rehetra ny Tompo rehefa tsy misy olona mipetraka irery. Ary iza no mahalala? Mety ho lasa ny namantsika akaiky indrindra tsy ampoizina toa ny hafatra mifono fahendrena ao anatin'ny bisky an-tsinoa ilay olona hiarahantsika mipetraka io. Enga anie isika hahita toerana sy hanome toerana ho Azy sy ny tsirairay amintsika ao amin'ny fanasan'ilay Zanak'ondry, izany no vavaka ataoko am-panetrentenaamin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena.